Fiangonan'i Jesoa Kristy eto Madagasikara
SYNODAM-PARITANY ANTANANARIVO ATSIMO
Fitandremana ANKADIMBAHOAKA

# SAMPANA SEKOLY ALAHADY

**KILASY :** Faharoa

**Lesona** : **« NY BATISAN'I JESOA » MATIO 3:13-17**

Jesoa nanaiky hitovy tamin'ny olona rehetra. Olona marobe no tonga nataon'i Jaona batisa teo amin'ny reniranon'i Jordana. Anisan'ny tonga nilahatra teo koa Jesoa nanaraka ny olona. Rehefa tonga teo amin'ny anajarany dia gaga i Jaona ka nilaza hoe : "***Izaho no tokony ataonao batisa ka ianao indray ve no makaty amiko?***" Hoy i Jesoa "***Izany no sitrapon'Andriamanitra.***" Nanaiky hitovy tamin'ny olona Izy, hanakaiky ny olona satria nanaiky atao Batisa.

Rehefa avy nataon'i Jaona batisa Jesoa dia nisy zavatra telo (03) mahagaga nitranga

- Nisokatra ny lanitra
- Nisy Fanahy Masina niendrika Voromailala nidina teo ambonin'i Jesoa
- Nisy feo avy any an-danitra nanao hoe: "Ity no Zanako Malalako izay sitrako" Matio 3:17.

Nisokatra avy amin'ny alalan'i Jesoa ny lanitra mba hidirantsika any, hifandraisanantsika amin'Andriamanitra. Tokony hino sy hanaradia an'i Jesoa izany isika. Antsoina Izy amin'ny fotoana rehetra

**TSIANJERY** ***: "Ity no Zanako Malalako izay sitrako" Matio 3:17.***

Ho an'Andriamanitra irery ihany ny Voninahitra. AMENA

Ny Mpampianatra Farah RAKOTOARISOA

# SAMPANA SEKOLY ALAHADY

**KILASY :** Faharoa
**Lesona** : « NY NAKAN'NY DEVOLY FANAHY AN'I JESOA » Matio 4 :1-11

1. **Ny fakampanahy voalohany : SAKAFO Matio 4 :1-4**

Rehefa vita Batisa Jesoa dia nentin'ny Fanahy Masina tany amin'ny tany an'efitra. 40 andro sy 40 alina izy no tany. Tsy nihinan-kanina dia noana. Tonga ny devoly mpandrebireby sy mpaka fanahy. Hoy izy tamin'i Jesoa : « Raha Zanak'Andriamanitra Ianao teneno ho tonga mofo ireto vato ireto ». nolavin'i Jesoa tamin'ny Tenin'Andriamanitra izy : « ***Tsy ny mofo ihany no mahavelona ny olona fa ny teny izay avy amin'ny vavan'Andriamanitra*** ».

- Ny zanak'Andriamanitra no alain'ny devoly fanahy, ny Tenin'Andriamanitra no entina hamaliana azy.

2. **Ny fakampanahy faharoa : Dikavilan'ny tenin'Andriamanitra Matio 4 :5-7**

Rehefa tsy manaiky ny tenin'ny devoly Jesoa dia nentiny teny an-tampon'ny tempoly avo, hoy izy « Raha zanak'Andriamanitra Ianao, mianjera any ambany any fa ny anjelin'Andriamanitra hiaro Anao, tsy haratra Ianao ». Mandainga, mamitaka ny devoly satria mety ho maratra na maty raha mianjera. Fa hoy Jesoa taminy « ***Aza maka fanahy an'i Jehovah Andriamanitrao*** ».

- Mahalala Soratra Masina ny devoly saingy mandika vilana ny tenin'Andriamanitra. Mila mitandrina isika.

3. **Ny fakampanahy fahatelo: fanomezan-javatra izay tsy azy akory Matio 4 :8-11**

Nentin'ny devoly teny an-tendrombohitra avo Jesoa. Nahatazana ny firenena sy ny fanjakana rehetra. Hoy izy raha miankohoka sy mivavaka ary manompo ahy ianao dia omeko anao ireo fanjakana rehetra ireo. Fa hoy i Jesoa « ***Mandehana ianao ry satana fa voalaza fa Jehovah Andriamanitra irery ihany no hotompoinao sy iankohofanao*** ».

**TSIANJERY : « Maneke an'Andriamanitra ianareo, ary manohera ny devoly, dia handositra anareo izy ». Jakoba 4 :7**

Ny Mpampianatra Farah RAKOTOARISOA